TILY ETO MADAGASIKARA



TARIDALANA

# FANOFANANA LOHOLONA


## CHRONOGRAMME :

1. **CONCEPTION** (Fa maninona : inona ny zava-misy / inona no atao / ahoana no anaovana azy / iza avy no mpiara-miasa ilaina / manao ahoana ny rafitra manapakevitra)

2. **PRINCIPES DE FORMATION**

DFB MENA FOIBE : Miara-miasa amin'ny Filoha Sampana Mena isam-paritany mamantatra ireo filàn'ny loholona amin'ny fanatanterahany ny andraikiny / manomana tolo-kevitra mifandraika amin'izany ary mampita izany any amin'ny TP TEM MENA nasionaly.

**STYLE : FORMATION EN CASCADES**




## TANJONINA IRETO :

- Fanatsarana ny fifandraisana sy ny fiaraha-miasa eo @ Zokiolona sy ny Loholona
- Fampandraisana anjara mivantana ny Loholona amin'ny fitantanana ny Fokonolona sy ny fandrindrana ny fandaharana napetraka
- Fanomezana fahalalàna bebe kokoa ny Loholona mba :
  - hametrahan'ny Fokonolony fanajana sy fankatoavana azy bebe kokoa,
  - tsy ho mpampihika Fokonolona fotsiny izy,
  - hahafahany mampiaina ny Fokonolony araky ny tokony ho izy.

## IVERENANA AMPAHATSIAHIVINA HATRANY IRETO :

- Lasy an-tanàna / Lasy an-tsaha / lasim-pokonolona / Lasy tselatra / Lasy lehibe : inona marina no tena tokony hatao any ho fampiharana ny fanabeazana noratovina ?

- RODORODO : FAMPIHARANA

- Fomba fivorian'ny FILEOVANA
  -- 3 : Fokonolona
  -- 1 : FILEOVANA
  -- Fanofanana Loholona in-2 isan-taona

(antony : raha sampana maitso no tena hainy nefa izy no voafidy ho Loholona dia manjary manao sampana maitso Zokiny / raha vao niditra izy tonga dia sampana Mena dia maro ireo zavatra tsy voafehiny nefa mety ho voafidy ho LH izy)

## IREO TARANJA TOKONY HIOFANANY :

**1- MOTIVATION :** Comment motiver un groupe
**2- ANTICIPATION :** Fanomanana mialoha hatrany ireo fandaharana ho tontosaina isaky ny 2 volana (fivoriana miaraka @ Loholona)
**3- Fanaovana tatitra ara-potoana** (Voir ISO 9001)

## IREO DOCUMENT TOKONY HO TRANDRAHANY
(support physique ou numérique)

**OBJECTIFS : RAHA MBOLA AZO TRATRARINA SY AZO ATAO :** Dia atao fiofanana mivantana foana fa tsy an-jotra noho izany dia hetsehina avokoa ireo olona TP3 sy TP4 SAMPANA MENA

**Finalités :** hanana documents azon'ny Filoha trandrahana / torolalana ho an'ny Loholona manerana ny Nosy)

**DOCUMENT HO VOKARINA**

----- TARIDALANA HAHAFAHAN’NY ZOKIOLONA MANOFANA IREO LOHOLONA IANDRAIKETANY

**NY FOKONOLONA** dia fampiharana ny fanabeazana tily amin’ny alalan’ny fitoriana ny filazan-tsara izay ataon’ny tanora 16 – 19 taona amin’ny fomba skoto.
**TANJONA :** “Iray vatsy, iray aina”
**FOTOTRA MAMPIRAY :** Firahalahiana sy fifankatiavana.
**TOMPON’ANDRAIKITRA VOALOHANY :** Ny Loholona, izay voafidin’ireo mpiray Fokonolona aminy hamita ny andraikiny mandritry ny 2 taona.
**MPIKAMBANA MANDRAFITRA AZY :** Loholona, Mpiandalana

## ANDRAIKITRY NY LOHOLONA AMIN'NY ANKAPOBENY :

Araky ny 2.1.2, p. 17 ao amin'ny Toralalana ho an'ny Sampana Mena dia ireto avy ireo andraikitry ny Loholona :

- **Mpanetsiketsika sy mpitarika ny Fokonolona.**
- **Mpanetsiketsika sy mpitarika ny Fokonolona amin'ny fivoriana sy ny fanatanterahana asa.**
- **Mpandrindra ny fanatanterahan'asa ataon'ny Fokonolona, ary tompon'andraikitra eo anatrehan'ny Zokiolona sy mampandroso ny Fokonolona.**
- **Mpitondra feo sy tatitra mankany amin'ny fivorian'ny Loholona sy ny Zokiolona.**
- **Mpitarika ny Tokolavan'ny Fokonolona.**

## IREO TARANJA TOKONY HANOFANANA IREO LOHOLONA

Mba hahafahany mamaly sy mamita ireo andraikitra ankinin'ny Fikambanana aminy, dia tsara raha tohanana ara-ofana izy ary rariny rahateo izany.

Ireto no azo heverina araky ny ambaratongan'andraikiny avy :

| ANDRAIKINY | MPANETSIKETSIKA | MPITARIKA | MPANDRINDRA | MPITONDRA FEO |
|---|---|---|---|---|
| TARANJA MIFANDRAIKA AMIN'IZANY | • Fiainam-bondrona<br>• Fanentanana<br>• Fizahan-tany<br>• Tontolon'ny lalana<br>• Ny maha-mpiandalana<br>• Fomba sy tarazo<br>• Lalàna sy fanekena<br>• Ambara-Tal<br>• Tetikasa<br>• Teknika skoto | • Haitarika<br>• Antso maha-mpitarika<br>• Rafi-piangonana sy sy noda misy azy<br>• Rafitry ny TEM<br>• Rafitry ny sampana mena<br>• ARA-5 | • Rafi-pitantanana ara-panjakana<br>• Fomba amam-panao Malagasy eo amin'ny fiaraha-monina misy azy<br>• Psykolojia 17-20 taona<br>• Fahaiza-mamorona<br>• Fakàna ny filàn'ny mpiandalana | • Fifandraisana<br>• Serasera (NTIC)<br>• Ohabolana sy hain-teny ary soratra masina |

## FISIN' ANDRAIKITRY NY LOHOLONA

| ANDRAIKITRO | IZAY ANDRASANA AMIKO | IZAY TOKONY HO FANTATRO |
|---|---|---|
| • Amin'ny maha-LH ahy<br>• Amin'ny maha-mpiandalana ahy<br>• Amin'ny maha-kristianina ahy | • Fandaharana tontosoa tsara<br>• Mpiandalana mandray andraikitra.<br>• Fokonolona mivoatra sy mandroso.<br>• Ambaratonga iainana ara-potoana.<br>• Fampiorenana ny Fokonolona ao amin'Ilay Mpaniraka dia Jesoa Kristy. | • Fomba fanatontosana fandaharana sy ireo andraikitra.<br>• Ireo ambaratonga misy sy ny mahakasika an'izany.<br>• Ny ifandraisan'ny maha kristianina sy ny maha Mpiandalana. |

1. Mpanentana ny fokonolona
2. Tompon'andraikitra amin'ny fifandraisana ilaina rehetra
3. Mitazona sy mameno ara-potoana ny « fiches individuelles » an'ireo mpiandalana ao aminy
    a. Mba hahafany manaraka ny dingam-pivoaran'ny tsirairay araky ny ambaratonga misy azy
    b. Mba hahafahana manatsara ny fandaharam-panabeazana araky ny filàna sy ny zava-misy iainan'ny fokonolona
    c. Mba hahafahana manaramaso ny tetik'asan'ny mpiandalana ao aminy
4. Mandrafitra ny programan'ny fokonolona ary manolotra izany any @ Zokiolona
5. Manatanteraka ny fandaharan'ny fokonolona ary manao tatitra mifandraika amin'izany
6. Manao izay hampiorim-paka hatrany ny finoana, fandalinam-pinoana.

| IREO TARANJA IOFANANA | VOTOATINY / FOMBA |
|---|---|
| Fiainam-bondrona | • Fomba fiasa eo anivon'ny fokonolona<br>• Fahaiza-manatona sy miaramiasa amin'ny mpiandalana tsirairay ao anaty fokonolona |
| Fanentanana | • Fanentanana fokonolona<br>• Fanentanana fiaraha-monina |
| Fizahan-tany | Famakafakana sy fanadihadiana toerana + asa soa |
| Tontolon'ny lalana | Fiainana sy fandaminana ny lalana<br>-Anjara asa<br>-Iraka<br>-Andraikitra |
| Ny maha-mpiandalana | Ny andrasana aminy manoloana ny Fikambanana + Fiangonana + Fiarahamonina |
| Fomba sy tarazo | Fampiainana ireo fomba ato @ Sampana Mena |
| Lalàna sy fanekena | Fifandraisan'ny lalàna sy fanekena amin'ny maha Sampana Mena |
| Ambaratonga sy talenta | Fampahafantarana ireo dingana lalovana |
| Tetikasa | Fisafidianana sy fananganana tetik'asa |
| Teknika skoto | Fandalinana sy ny sehatra fampiasana azy |

Janoary 2024

SCOUTS®
Créer un monde meilleur

TILY ETO MADAGASIKARA

Tily eto Madagasikara
@tilyscout I www.scout.mg